# Ilay Voa Tsara Nafafy 08 Desambra 2018

# 8 Asabotsy desambra

**Fa Andriamanitra, Izay manankarena amin'ny famindrampo ... dia nahavelona antsika niaraka tamin'i Kristy (fahasoavana no namonjena anareo).**
Efesiana 2. 4, 5

**Fa tsy misy hafa, fa samy efa nanota izy rehetra... nefa hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany izy.**
Romana 3. 22-24

## Ny olona rehetra ve afaka sy mitovy avokoa ?

Hoy ny Fanambarana maneran-tany momba ny Zon'ny olombelona, andininy voalohany : „Ny olona rehetra dia teraka afaka sady mitovy fahamendrehana sy mitovy zo. Samy nomena saina sy fieritreretana avokoa izy rehetra, ka tokony hifampitondra am-pirahalahiana".

Satry hiombon-kevitra amin'izany fanambarana izany, kanefa indrisy fa hafa dia hafa ny zava-misy. Tsy tambo hotanisaina ny tsy fitoviana sy ny toejavatra tsy mendrika, eo amin'ny samy olombelona ! Dia omena tsiny ny fiarahamonina, kanefa ny tsirairay samy mitaky ny fahafahany avy. Ho an'ireo milaza fa „tsy mba andevon'olona hatrizay", dia manazava Jesosy hoe „izay rehetra manota (manao ratsy) dia andevon'ny ota", andevon'ny toetrany izay manosika azy hanota (Jaona 8. 33-34). Iza no mahay manafaka ny tenany amin'ny otany ?

Amin'izany dia mitovy avokoa isika rehetra, samy voagadran'ny ota, ka tsy manavakavaka Andriamanitra, momba izany. Nefa tiany isika rehetra, na inona na inona fiaviantsika sy toe-piainantsika. Koa tsy manavakavaka ihany koa Izy, mitaona ny tsirairay hino an'i Jesosy Kristy. Na iza na iza, dia mahazo mandray an'i Kristy ho Mpamonjiny, ka ho afaka amin'ny fahamelohany.

Fony vao teraka isika, dia nitovy avokoa teo anatrehan'Andriamanitra, noho ny otantsika; fa tsy toy izany kosa, eo amin'ny fiafaran'ny fiainantsika. Ambaran'ny Baiboly fa ireo izay nino ny asam-panavotana teo amin'ny hazofijaliana dia horaisina eo anilan'ny Tompo Jesosy, ho ao anaty fiadanana mandrakizay ; fa ireo izay tsy nino kosa dia hitoetra lavitra an' Andriamanitra, ho ao anaty fijaliana. Mbola fotoana anio, hisafidianana ny fahafahana, ny fifaliana ary ny fiadanana ho mandrakizay miaraka amin'i Jesosy, Izay miteny amintsika hoe : „Mankanesa atỳ amiko" (Matio 11. 28).